

DEREK PRINCE
MINISTRIES INTERNATIONAL

Fivoriana fampaherezam-panahy

Tohizo foana ny milaza azy!

Tsy manana toerana ato amiko i Satana, tsy manana fahefana amiko, ary tsy manana fitakiana tsy voavaha amiko. Voalamina avokoa ny zava-drehetra tamin’ny alalan’ny ran’i Jesosy!



Manambara ny Tenin'Andriamanitra
Dries Du Plessis Dries Du Plessis

Hihomehy antsika voalohany i Satana, raha vao manao an'io fanambarana io isika. Mila hazonintsika foana ny filazana azy io. Satana dia mpaka fanahy, nefa tena metodista izy ary tsy mandany fotoana. Maka fanahy anao izy raha mbola mahazo valiny avy aminao. Rehefa tsy misy valiny intsony, dia tsy hanelingelina haka fanahy anao izy.

Noho izany, mety halaim-panahy isika ao amin'ny faritra, andao lazaina hoe lolompo. Tsy maintsy hazomintsika ny milaza, “Nohomboana tamin’ny hazo fijaliana izany. Tsy manan-kery ato amiko izany. Tsy manana toerana ato amiko izany.” Hoy ny devoly: “Tsy marina izany. Izany fotsiny no nolazain-dRahalahy Andrianina.” Fa hazonintsika hatrany ny milaza izany. Ary rehefa afaka kelikely, dia lasa tena misy ilay izy ka tsy handany andro hiezaka haka fanahy antsika intsony ny devoly.

Iray amin'ireo zavatra tsy maintsy ataontsika ny manorina ny rindrin'ny toetrantsika. Milaza ny Baiboly fa ny olona izay tsy mahafehy ny fanahiny dia toy ny tanàna rava ary tsy misy manda (jereo ny Ohabolana 25:28). Ao amin’ny kolontsaintsika amin’izao andro izao, dia olona maro no mitombo toy ny rindrina rava noho ny tokantrano ratsy, ny zava-mahadomelina, na ny fitaoman-dratsy. N’iza n’iza efa lalim-paka amin'ny zava-mahadomelina dia tena tanàna tsy misy manda fiarovana. Manorina ny rindrina isika amin'ny fanamafisana ny sitrapontsika sy ny fanamafisana ny zontsika novidin'ny hazo fijaliana. Mety hihevitra izany dingana izany ho zavatra hiainana mahatsiravina isika. Tsy tsampantsika anefa hoe hatraiza ny soa entin’izany amintsika; amin'ny fiafaran'izany, dia mahatsangana toetra matanjaka isika. Mihelina ihany ny fanomezana, ho an’izao fiainana izao ihany; ny toetra dia maharitra — mankany amin'ny mandrakizay miaraka amintsika. Andriamanitra dia liana lavitra ny amin’ny toetranao noho ny fanomezanao.

Misaotra Anao, Tompo, noho ny amin’ny ran’i Jesosy. Manambara aho fa mikasa ny hanamafy ny sitrapoko aho ary hanamafy ny zoko novidin’ny hazo fijaliana, ka lazaiko

© 2008 - Dries Du Plessis

hatrany hatrany indray hoe: Satana tsy manana toerana ato anatiko, tsy manan-kery amiko, tsy misy fitakiana tsy voalamina manohitra ahy. Ny ran'i Jesosy dia efa nandamina ny rehetra!, amin’ny anaran’i Jesosy Kristy, Amena.

Fivoriana fampaherezam-panahy ★

Fandikana: WD-B097-056-MLG
Nohavaozina farany: 02 Oct 2026
Tranokala: Derekprince.com/mg/resources

